# 365Tantara 13.Any amin'ny trano fitsaboana maika



# 13. Any amin'ny  trano fitsaboana maika

Fiadanana ! Ny tantara ho antsika anio dia mitondra ny lohahevitra hoe : Any amin'ny trano fitsaboana maika.

Ity tantara ity dia nitranga tany amin'ny hôpitaly tany ambanivohitra nisy dokotera mpandidy iray izay tsy voatery eo an-toerana matetika.

Nisy mpitsabo iray niditra faingana tao amin'ny hôpitaly, rehefa avy nampanantsoina ho amin'ny fandidiana maika.

Namaly ny antso izy, nisolo akanjo haingana ary nivantana tany amin'ny efitra fandidiana.



Tao no nahitany ny rain'ilay zazalahy izay nanao "zato famindra" (cent pas) tao amin'ny efitrano fandraisana olona. Rehefa nahita ny mpitsabo tonga ny dadan'ilay zazalahy dia niteny mafy hoe: - Fa nahoana no ela be ianao vao tonga? Tsy fantatrao angaha fa tandindonin-doza ny ain'ny zanako lahy? Angaha tsy mahafantatra ny andraikitrao ianao ? Nitsiky ilay mpitsabo sady niteny hoe: - Miala tsiny aho fa tsy tato amin'ny hôpitaly ary tonga haingana arak'izay azoko natao rehefa avy nandray ny antso ... Ary ankehitriny, dia tiako ianao hitony mba hahafahako manao ny asako ! - Hitony aho? Ary raha ny zanakao io dia hitony koa ve ianao? Raha ny tena zanakao no maty ankehitriny inona no hataonao? hoy ilay ray sady tezitra. Mbola nitsiky ihany ilay mpitsabo sady namaly hoe: - Ampahatsiahiviko aminao hoe... avy amin'ny vovoka no niaviantsika ary mbola hiverina ho vovoka, isaorana anie ny anaran' ny Tompo.


BLO

Ny mpitsabo tsy afaka manalava ny andro iainana. Mandehana ary mivavaha ho an' ny zanakao lahy fa hanao izay mety indrindra izahay araky ny fahasoavan' Andriamanitra.

- Mora ny miteny rehefa tsy mitranga aminao ny zavatra mitranga, hoy ilay ray nimonomonona.


BLOC OPERATOIRE

Naharitra ora vitsy ny fandidiana ka taorian' izay dia nivoaka afa-po sady faly ilay mpitsabo.

- Misaotra an'Andriamanitra fa afa-doza ny zanakao lahy.

Raha manana fanontaniana hafa ianao, dia anontanio amin'ny mpitsabo mpanampy.



Rehefa lasa ilay mpitsabo dia hoy ilay ray tamin'ilay mpitsabo mpanampy :

- Nahoana izy no tena miavonavona? Tsy afaka niandry minitra vitsivitsy ve mba hiresaka amiko ny amin'ny toe-pahasalaman' ny zanako lahy ?

Ilay mpitsabo mpanampy namaly sady ny masony manganohano, hoe: - Maty omaly tamin'ny lozam-pia-rakodia ny zanany lahy, tany am-pandevenana izy no nantsoinay mba handidy ny zanakao lahy. Ary ankehi-triny rehefa afa-doza ity zanakao lahy ity , dia lasa niverina mba hamita ny fandevenana ny zanaka naterany izy.

Aza mba mitsara olona mihitsy satria tsy fantatrao izay mety lalovany amin' io fotoana io !